

FANADINANA CEPE ANIO

Vonona ny mpianatra, vonona ny laza adina, mitaintaina ny ray aman-dreny

Ho tanterahana anio manerana an'i Madagasikara ny fanadinam-panjakana CEPE, fanadinam-panjakana voalohany hatrehan'ireo kilonga madinika. Azo lazaina ho efa vonona avokoa ireo ankizy hatrika izany, satria efa nisy tany am-pianarana ny fanadinana andrana (examen blanc), ka tsy hanavao an'izy ireo amin'ny laza adina mety hivoaka anio amin'ity fanadinam-panjakana ity. Efa vonona hatramin'ny faran'ny herinandro rahateo ny laza adina hanadinana ireo mpianatra mandritra izany. Na teo aza ireo olana



samy hafa tamin'ity taom-pianarana hivalona tsy ho ela ity, toy ny fiatoan'ny fianarana noho ny valanaretina coronavirus, sy noho ny fahasahiranana

mihàtra amin'ny ray aman-dreny maro vokatr'izay krizy ara-pahasalamana izay, ho tontosa ihany ny fanadinana anio. Mahakasika ity fanadi-

nana ity, ny ray aman-dreny no tena mitaintaina amin'izy ity, tsy vitsy izy ireo anio no manaraka ny zanany miandry any ivelan'ny sekoly amin'izao androm-panadinana izao. Dingana hafa vaovao indray tokoa no ho hatrehan'ny zanany ao aorian'ny CEPE, dia ny fiampitana avy amin'ny fampianarana ambaratonga voalohany mankamin'ny fampianarana ambaratonga faharoa izany. Misy maha samihafa azy ny fampianarana atao amin'ireo dingam-pampianarana roa ireo.

Isambilo

Kaominina Talatamaty

Ankizy miisa 277 vita didimpoitra faobe

Nitohy tamin'ny alalan'ny fanatanterahana didimpoitra faobe, ireo ankizilahy miisa 277 avy amin'ireo fokontany miisa 12 mandrafitra ny Kaominina Talatamaty, distrikan'Ambobidratrimo, ny hetsika ara-tsosialy fanaon'izy ireo, ny Zoma maraina, lasa teo.

Tamin'ny 01 ora maraina no efa tonga nitanjozotra nilahatra nanoloana ny biraoan'ny Kaominina Talatamaty ireo Ray aman-dreny nitondra ireo zanany ho foraina. Dokotera miisa 05 no nanatanteraka ny asa teny an-toerana, izay naharitra ora telo. Nisy tamin'ireo noforaina miisa 02 no efa nandia ny faha- 09 taonany. Noma-

rihan'ireo Ray aman-dreny, fa nanampy betsaka azy ireo tokoa ny hetsika didimpoitra faobe tahaka izao noho ny fahasahiranana mianjady amin'izy ireo ankehitriny. Taorian'ny famorana, notoloran'ny avy eo anivon'ny fiadidiana ny Kaominina Talatamaty, izay notarihan'ny Ben'ny tanàna Raharinoasy Eli Dominic, kilalao sy bisikoitra ireo zazalahy vita famorana.

Nampanantena hatrany ireo tomponandraikitra eo anivon'ity kaominina ity, fa hanao ny ezaka rehetra hitsinjoavana ireo mponina ao anatin'izao vanim-poana sarotra lalaovan'ny Malagasy izao.

Lalasoa R.



Ny famoran-jaza faobe natao tao amin'ny kaominina Talatamaty.

Mazotoa mihira

Bodoin'ny Frantsay amin'izao fotoana ny Nosy Malagasy (Iles Eparses), ivelan'ny tanibe Madagasikara. Robain'ny vahiny koa ny tany Malagasy ato anatin'ny. Mitaky izany avokoa ny Malagasy tia tanindrazana rehetra. Hira mahakasika an'izay no atolotra anao androany. Hiran'ny Tarika Zanak'i Dada: Avereno aminay. Dia mazotoa mihira ary e!

AVERENO AMINAY

Tandremonareo izay zatra mpamitaka Tandremo nareo fa hivozona izahay Efa ampy anay ireo ady saritaka Nampianarinareo, ka efa hainay e!

Efa lesona ho anay ho any fanjakazakana Izao izahay efa mahatsiaro tena Ary efa rakatray ny lalan-kombana Avelao izahay, avelao f'aza fefena a !

Ref: Ireo asanay re avereno aminay Ireo dinitray re avereno aminay Ireo vokatr'ay re avereno aminay Ireo taninay re avereno aminay e!

Sur ry nama a! avelao ho avy izay ho avy Ekena Rabary, avelao ho rava izay ho rava Tsy ekeny intsony izay milaza azy ho favy Izao izahay niova loko niova tava a!

Tsy hangalatra izahay, tsy handroba izahay Fa anay ny tany, anay ny lalàna Tsy terena ianareo, tsy te hiaraka aminay Fa taloha izahay, nataonareo filana a!

Mpihira: Tarika Zanak'i Dada. Mpamorona: Mamy Ralaivita.



Sakafo My Valosoa



Atidohan-kenan'omby sy atody indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Fanafody natoraly fitsaboana ny « varices » ny vahona

Fanafody natoraly fitsaboana ny "varices", na lalan-drà mivonto, ny vahona. Ny fomba fampiasana azy, hosorana matevina eo amin'ny faritra misy "varices" na lalan-drà mivonto ilay ranona vahona.



Avela eo ho toy ny crème corps, mandro ny alina na ny ampitso maraina, izany hoe: na tontolo andro no mampiasa azy, na amin'ny alina matory, mety foana. Ho an'ireo efa somary mibontsina be ilay "varices" dia manamboara glaçon vahona, dia apetapetaho eo amin'ny faritra mivonto be.

Fatransy: gel vahona 3 sotro fihinana, rano tapaky ny litatra, atao glaçon anaty réfrigérateurur.

Ho fanampiana ny fahafaingan'ny fahasitranana dia mihinàna vahona+tantely ihany koa isa-maraina:

Fatransy: vahona 1 sotrobe fihinana, tantely 1 sotrobe fihinana, na siramamy mena 2 sotrokely raha tsy manana tantely.

Rehefa matory dia ampiakaro ambony ny tongotra: atao eo ambony ondana avo kokoa noho ny ondana amin'ny loha, adiny 1 isan-kalina, na amin'ny atoandro no anaovana izany.

Dia raha azo atao, aza mitsangana ela loatra, fa mipe-traha matetitetika.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Ambalajia any amin'ny distrikan'i Maevatanana, faritra Betsiboka

Rehefa avy nampahafantatra ireo tanàna amin'ireo kaominina 6 mandrafitra ny distrikan'i Kandrehy any amin'ny faritra Betsiboka isika, dia hiditra amin'ireo tanàna miisa 18 indray, avy amin'ireo kaominina miisa 18 mandrafitra ny distrikan'i Maevatanana. Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany ny tanànan'Ambalajia, renivohitry ny kaominina Ambalajia, iray amin'ireo kaominina miisa 18 mandrafitra ny distrikan'i Maevatanana any amin'ny faritra Betsiboka. Azo lazaina ho avo toerana Ambalajia, satria 232 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Any amin'ny faritra andrefan'ny faritra Betsiboka no misy azy. Vokatra any ny vary. Toy ireo kaominina any amin'ny distrikan'i Maevatanana, mpamokatra tongolo Ambalajia. Mamokatra izany toerana izany, satria tafiditra amin'ny lemaka lalovan'ny reniranon'i Betsiboka.

